

LOHATAONAN'NY FAHARIANA 2020 - VAVAKA

Ry Ray Mpahary ny aina ô,

Noho ny Teninao, dia rako-java-maniry mamokatra izay misy voa afafy sy hazo fihinam-boa isan-karazany ny Tany. Nomenao hamelona ny aina ny renirano, ny havoana, ny harena an-kibon'ny tany, ny ranomasina sy ny ala. Miandranda Anao ny manan'aina rehetra, manantena ny fitsimbinanao hanome izay ilainy isan'andro. Namelona ny aina hatrany ny Tany. Satria nosokafanao ny tànanao mba hanome sakafo ara-potoana ny zava-boahary, mitety ny andro sy ny vanim-potoana mifandimby omban'ny fihavaozana sy ny fivoaran'ny arin-tànanao.

Nomenao andro hitsaharana izahay, noho ny fahendrenao tsy hay lazaina. Fotoana notsofinao rano mba hialànay sasatra sy hankasitrahany ny soa rehetra natolotrao, fotoana hahafahanay miala amin'ny gejan'ny fanjifàna tsy mahay mionona, fotoana hahafahan'ny tany sy ny voahary rehetra miala amin'ny vesatry ny asa famokarana tafahoatra mandreraka azy. Ankehitriny anefa, indrisy fa mampitondra faisana ny tany, hizaka ny tsy eran'ny ainy, ny fomba fiainanay. Manimba ny tontolo iainanay ny tsy fiononana hanaiky ny rindram-pivelaran'ny zava-boahary sy ny famokarana ombam-panjifàna mihoa-pampana. Ripaka ny ala, mihamanify ny sosona ôzônina eny amin'ny habakabaka, mihasimba ny tany volena, zary efitra, voapoizina ny ranomasina, mihamahery ny rivo-doza. Tsy nomenay andro hitsaharany ny tany, hany ka mitroatra mba hihavaozany, hakany aina vao.

*Amin'izao “**Lohataonan'ny Fahariana**” izao, ry Ray Mpahary, mitalaho aminao izahay, herezo hanaja ny andro fitsaharana mba hahasoa ny tany nomenao anay. Amafiso ny finoana sy ny fitokianay ny fitsimbinanao. Ampio izahay mba hahay hifampizara ny soa noraisinay avy aminao. Ampianaro hahalala onona. Ary mankalaza ny jobily ho an'ny tany izahay izao, ka mba iraho ny Fanahinao Masina hanavao ny endriky ny zava-boahary.*

Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, ilay tonga hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny voahary tontolo, no angatahanay izany.

Amen.

Imprimature :

Mgr. Jean Pascal ANDRIANTSOAVINA

Filohan'ny Vaomieran'ny eveka momba ny Fanompoam-pivavahana

21 – 08 – 2020 Fety Olts. Victoire RASOAMANARIVO